


Baiboly ho an'ny zaza

Fanomeza

Ny Paska
Voalohany



Nisonoratsin'i: Edward Hughes

Abaran'ny: Janie Forest
Alastair Paterson

Ampanaraha amin'ny: Lyn Doerksen

Nadikan'ny: www.christian-translation.com

Naboakin'ny: Bible for Children
www.M1914.org

©2021 Bible for Children, Inc.

Fazahoan-dala: Manan-jo hanao kopia na hanonta an'toy tantara toy anao,
rah ambo tsy mivarotsy anizao.



Nitsanga tamin'ny
tehezan-tendrombohitsy mitabataba
teo ramatoa igny, ny
masonry nalahelo da
niandrandra ny raha
nitranga
mahatsiravina. Efa
ho faty ny Anakiny.
Maria ny endriny,
da nitsanga
takaik'ny toera
nanomboana an'I
Jesosa tamin'ny
hazo fijalia
igny ihy.



Nanao akory nahatonga
an'ny raha aby zay? Akory
lotsy nahafahan'I Jesosy
namara fiaina kanto
hokan'izay
tamin'ny fomba
mahatsiravina
zay? Akory no
hamelan'Andriamanitsy ny
Anakiny hofantsiha amin'ny
hazo fijalia mba ho faty
any? Nanao fahadisoa ve I
Jesosy momba ny hoe Ia
Ihy? Tsy nahomby ve
Andriamanitsy?



Tsia! Tsy tsy nahomby
Andriamanitsy. Tsy
nanao fahadisoa I
Jesosy. Hain'I Jesosy
avao fa hovanoin'ny
olon-dratsy Ihy. Ndre
da mbo zazakely avao
I Jesosy, dafa nitsara
tamin'I Maria ny
lehilahy antitsy atao
hoe Simeona fa hisy
alahelo.



Andro
vitsivitsy
talohan'ny
namonoa an'I
Jesosy, da nisy
ramatoa tonga
nandraraky menaky
manitsy tamin'ny
tongotsiny. "Mandany
vola ihy", hoy ny
fitarainan'ny mpianatsiny
reo. "Soa nyasa nataony", hoy
I Jesosy. "Nanao an'izay ihy mba
handevena anakahy." Tsara hafahafa re zao!




Lafa afaky zay, Jodasy,
raiky amin'ny roa ambin'ny
folo mpianats'I Jesosy reo,
da nanaiky hamadiky an'I
Jesosy amin'ny lohan'ny
mpisorona amin'ny sekely
volafotsy 30.



Niaraky nihina farany tamin'ny
mpianatsiny Jesosy tamin'ny
fetin'ny Paska Jiosy. Nitsara ny
raha mahagaga momba
an'Andriamanitsy sy ny
fampanantenany tamin'ny tia Anazy
reo Ihy. Bokeo Jesosy nanome mofo
sy kaopy hozaraindreo. Natao raha
zay hampahatsiahivana
andreo fa ny
vatan'I Jesosy
sy ny ràny da
nomena mba
hahazoa
famelan-keloky.



Bokeo Jesosy nitsara tamin'ny namany fa hamadiky Ihy, da hilefa andreo. "Tsy hilefa iaho", hoy I Petera namatsatsy. "Ndreky tsy mbo misy akoho maneno, dafa handà Anahy intelo anao", hoy Jesosy.



Tafara ny aly da
nandeha nivavaky
tamin'ny saha
Getsemane tao I
Jesosy. Da rendriky
ny torimaso ny
mpianatsy zay
niaraky taminazy.
"Abako ô", hoy I
Jesosy nivavaky,
"...Alaivo aminakahy
ty kapoaky mangidy
ty, nefa aoka tsy ny
sitrapoko ny hatao,
fa Nenao avao.



Tampoky teo da nisy andian'olo
niditsy tamin'ny zaridaina tao,
ndesin'I Jodasy. Tsy nihola I
Jesosy, fa tinapakin'I Petera ny
sofin'ny lehilahy raiky. Nikasiky
ny sofin'ny lehilahy igny I
Jesosy, da nanasitrana
anazy. Hain'I Jesosy fa
sitrapon'Andriamanitsy
ny fisambora Azy.




Nentin'ny vahoaky tan-tranon'ny mpisorobe tao I
Jesosy. Da teo nitsaran'ny mpitariky jiosy reo fa
tokony ho faty I Jesosy. Nitsanga takaikin'ny
afon'ny mpanompo teo
I Petera ka nizaha.



In-telo ny olo nizaha an'I Petera da nitsara hoe:
"Anao gne niaraky tamin'I Jesosy!" In-telo I Petera
no nandà an'izay, araky nambaran'I Jesosy.
Nanozo sy nananihany
mihitsy aza I Petera.



COCK-A-DOODLE-DOO




Tamin'izay mihitsy, nisy
akoho naneno. Hoka'n'ny
feon'Andriamanitsy tamin'I
Petera zay. Nitany mafy I
Petera lafa nahatsiro ny
tsaran'I Jesosy.





Naneny koa I Jodasy.
Hainy fa tsy diso tamin'ny
fahota na heloky I Jesosy.
Napodin'I Jodasy ndraiky
ny farantsa volafotsy 30,
fa tsy nety nandray an'izay
koa ny mpisorona.





Da natsipin'I Jodasy
ny vola, da niboaky
ihy da nananton-tena
bokeo.




Nentin'ny mpisorona
tanatrehan'I Pilato, governora
romana, teo I Jesosy. Hoy
Pilato: "Tsy hitako aby zay
helokin'io lehilahy io."
Fa nikokoky mafy ny
vahoaky nanao hoe:
Atsatohy amin'ny hazo
fijalia agny Ihy!



Farany da nanaiky Pilato ka
nanameloky an'I Jesosy ho faty
tamin'ny hazo fijalia teo.


Nivinangon'ny miaramila totohondry
I Jesosy, nororany gne vatany da
nikinapokiny. Nanao satroboninahitsy
masiaky tamin'ny tsilo maragnitsy
andreo, da napetrakiny tamin'ny
lohany teo. Da nofantsihany
bokeo tamin'ny hazo
fijalia teo Ihy mba
ho faty.



Hain'I Jesosy avao fa ho faty hokan'izay Ihy. Hainy
koa fa ny fahafatesany da hitondra famelan-keloky
ho an'ny mpanota zay matoky Anazy. Nisy jiolahy
roa nitsatoky tanilan'I Jesosy teo.

Ny raiky nino an'I Jesosy da
lasa am-Paradisa agny.

Ny raiky anefa tsy
nanao an'izay.



Laha avy nijaly nandritry ny
lera maro Jesosy, da hoy
Jesosy: "Vita", da maty.
Vita ny asany. Nandevy
Anazy tamin'ny
fasana manoka
tao andreo.



Bokeo da nisy miaramila
romanina nanisy
tombo-kase sy niamby
ny fasana. Hanany zao
da tsy nisy afaky
niditsy - na niboaky.




Raha zao gne fiafaran'ny
tantara da mampalaelo
tokoatsy zay. Nisy raha
mahagaga anefa
nataon'Andriamanitsy.
Tsy nijano ho faty
Jesosy!




Vatany vao maraina koa tamin'ny
andro voalohany amin'ny
herinandro, da hitan'ny
mpianatsin'I Jesosy
sasany fa efa voavoha
niala tamin'ny fasa
ny vato. Lafa
nijery ny tanatiny
tao andreo, da

tsy teo
koa Jesosy.



Nisy ampela raiky nijano nitomany
takaikin'ny fasa teo. Niseho
taminazy Jesosy! Nipody malaky
ihy hitsara tamin'ny mpianatsy
hafa. "VELO JESOSY! EFA
NITSANGA TAMIN'NY
MATY JESOSY!"





Vetivety da tonga tamin'ny mpianatsy teo
Jesosy, da nanoro andreo ny tanany
voatomboky. Marina zay. VELO NDRAIKY
JESOSY! Namela ny helok'I Petera tamin'ny
nandavany Anazy Ihy, da nitsara tamin'ny
mpianatsiny mba hitsara Anazy amin'ny olo
aby Izy. Da nipody tan-danitsy zay niaviany
tany Ihy.



Ny Paska Voalohany

Tantara raiky amin'ny tenin'Andriamanitsy ao,
ny Baiboly,

da hita ao

Matio 26-28, Lioka 22-24, Jaona 13-21

"Gne fampidira gne tsaranao da manazava."
Salamo 119:130



Vita



Ity tantara ao amin'ny Baiboly ity da mitsara amin-tsika ny mahakasiky an'ilay Zanahary mahatseriky izay nanao an-tsika sy maniry hahalala an'Azy.

Hain'Andriamanitra fa nanao ratsy atsika, izay volagniny hoe ota. Fahafatesa gne sazin'ny ota, fa tena tia anao Zanahary ka nandefa ny Anakiny lahitoka da Jesosy mba ho faty teo amin'ny Hazo fijalia sy ho voasazy noho gne fahotanao. Da velona indraiky Jesosy ary nody tany an-danitsy! Rah amino an'I Jesosy ianao ka mangataky amin'azy mba hamela gny helokinao da hataony izay! Ho avy Izy ka hipetraky ao anatinao hananin'izao, ary hiara-hipetraky Aminazy mandrakizay anao. Raha mino anao fa izay gne fahamarinagny, da tsarao amin'gny Zanahary hoe:

Jesoa Malala ô, mino aho fa Anao gne Zanahary, ary lasa olombelo ho faty gn'amin'ny fahotako, ary velo zao indraiky. Miangavy anao hiditsy amin'gny fiainako ka mamelâ gny heloko, mba hahazoako fiainam-baovao hananin'zao, da indraika andro agny hiaraky Aminao mandrakizay. Ampio iaho hanaraky Anao sy hiaina ho Anao amin'gny maha-agnakinao anahy. Amena.

Mamakia Baiboly da miresaha amin'gne Zanahary isan'andro! Jaona 3:16

